



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

Alatsinainy 7 septambra 2020  
Lundi 7 septembre 2020

**NY FIANGONANA SY NY HAZO-FIJALIANA (Mat. 16, 21 – 17, 27)**  
**– L'ÉGLISE ET LA CROIX (Mat. 16, 21 – 17, 27)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :** Hoy i Jesosy Tompo – *le Seigneur Jésus dit :*

« Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy. Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy dia hahavery azy, ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny Amiko dia hahazo izany» (Mat. 16, 24-25).  
Amen ! – « *Si quelqu'un veut être mon disciple, qu'il renonce à lui-même, qu'il se charge de sa croix et qu'il Me suive ! En effet, celui qui voudra sauver sa vie la perdra, mais celui qui la perdra à cause de Moi la retrouvera*» (Mat. 16, 24-25). Amen !

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Chant) 107, 1 sy 3 : Maniry mafy aho :**

1. Maniry mafy aho, ry Jeso Tompo ô,  
Hialoka eo ambany Hazo-Fijalianao.  
Tsy misy toeran-kafa re izay tena mamiko :  
Ny Hazo-Fijalianao no fiarovako.
3. Am-pototry ny Hazo izay nijalianao  
No itoerako ho hazavain'ny Tavanao,  
Ataoko fatiatoka ny zava-mora lo,  
Ny Hazo-Fijalianao no tombon-dahiko.

**FIZARANA 1 – PARTIE 1**

**Teksta 1 – Texte 1 : Mat. 16, 21-28 :**

21 Hatramin'izany no vao natoron'i Jesosy ny mpianany fa tsy maintsy hankany Jerosalema Izy ka hampijalin'ny loholona sy ny lohan'ny mpisorona ary ny mpanoradala, dia hovonoina, ary hatsangana amin'ny andro fahatelo. 22 Ary i Petera nanohina Azy hitanila kely ka niteny mafy Azy hoe : « Sanatria aminao izany, Tompoko, tsy ho aminao tokoa izany » ! 23 Fa Izy nihodina ka niteny tamin'i Petera hoe : « Mankanesa ato ivohoko, ry Satana. fahatafintohinana amiko ianao satria tsy misaina izay an' Andriamanitra ianao fa izay an'ny olona ». 24 Dia hoy i Jesosy tamin'ny mpianany : « Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy. 25 Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy dia hahavery azy, ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny Amiko dia hahazo izany. 26 Fa inona moa no soa ho azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao kanefa very ny ainy ? Ary inona no homen'ny olona ho takalon'ny ainy ? 27 Fa ho avy ny Zanak'olona amin'ny Voninahitry ny Rainy, mbamin'ny anjeliny, dia hamaly ny olona rehetra araka ny nataony. 28 Lazaiko aminareo marina tokoa : 'Misy ny sasany eto izay tsy mba hanandrana fahafatesana mandra-pahitany ny Zanak'olona avy amin'ny Fanjakany' ».

*21 Dès ce moment, Jésus commença à montrer à ses disciples qu'il devait aller à Jérusalem, beaucoup souffrir de la part des anciens, des chefs des prêtres et des spécialistes de la loi, être mis à mort et ressusciter le troisième jour. 22 Alors Pierre le prit à part et se mit à le reprendre en disant : « Que Dieu T'en garde, Seigneur, cela ne T'arrivera pas ». 23 Mais Jésus se retourna et dit à Pierre : « Arrière, Satan. Tu es un piège pour Moi, car tes pensées ne sont pas les pensées de Dieu, mais celles des hommes ». 24 Alors Jésus dit à ses disciples : « Si quelqu'un veut être mon disciple, qu'il renonce à lui-même, qu'il se charge de sa croix et qu'il Me suive ! 25 En effet, celui qui voudra sauver sa vie la perdra, mais celui qui la perdra à cause de Moi la retrouvera. 26 Que servira-t-il à un homme de gagner le monde entier, s'il perd son âme ? Ou que pourra donner un homme en échange de son âme ? 27 En effet, le Fils de l'homme va venir dans la Gloire de son Père, avec ses anges, et alors Il traitera chacun conformément à sa manière d'agir. 28 Je vous le dis en vérité, quelques-uns de ceux qui sont ici ne mourront pas avant d'avoir vu le Fils de l'homme venir dans son Règne ».*

### **Fanamarihana 1 – Commentaires 1 : Manaraka an'i Jesosy hatrany amin'ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty – Suivre Jésus jusque dans sa Mort et sa Résurrection**

#### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana mba hanapa-kevitra ny hanaraka an'i Jesosy Kristy amin'izay daholo ny ankohonantsika - *pour notre foyer et notre famille pour que chacun décide de suivre Jésus-Christ désormais*
- ho an'ny Fiangonana mba tsy ho amin'ny fihetseham-po no hanarahany an'i Jesosy Kristy fa ho noho ny fanapahan-kevitra matotra – *pour l'Eglise pour que ce ne soit pas les émotions qui guident leur foi mais que son adhésion à la foi chrétienne soit le fruit d'une mure décision.*

#### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 648, 1 sy 3 : Miambena izao ry fanahiko :**

1. Miambèna izao, ry fanahiko !  
Misy rafinao misaina  
Hanangoly ny malaina.  
Be ny fandrika voavelatra.
3. Miambena izao, ry fanahiko !  
Ka tohero ny devoly,  
Raha avy manangoly.  
Kristy raisonao mba ho aronao !

## FIZARANA 2 – PARTIE 2

### Teksta 2 – Texte 2 : Mat. 17, 1-13 :

1 Ary nony afaka henemana, i Jesosy dia naka an'i Petera sy Jakoba ary Jaona rahalahiny ka nitondra azy niakatra ho any an-tendrombohitra avo mba hitokana. 2 Dia niova Tarehy teo anatrehany Izy, ka ny Tavany namirapiratra tahaka ny masoandro, ary ny fitafiany tonga fotsy tahaka ny mazava. 3 Ary, indro, niseho tamin'ny mpianatra i Mosesy sy i Elia, niresaka tamin'i Jesosy. 4 Dia niteny i Petera ka nanao tamin'i Jesosy hoe : « Tompoko, tsara raha mitoetra eto isika. Koa raha sitrakao, aoka aho hanao lay telo eto : ny anankiray ho Anao, ny anankiray ho an'i Mosesy, ary ny anankiray ho an'i Elia ». 5 Raha mbola niteny izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo. Ary, injao, nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe : « Ity no Zanako malalako izay sitrako : Izy no henoy ». 6 Ary nony nandre izany ny mpianatra, dia lavo niankohoka sady natahotra indrindra. 7 Ary i Jesosy nankeo aminy, dia nanendry azy ka nanao hoe: Mitsangàna, fa aza matahotra ». 8 Ary nony niandrandra izy ireo, dia tsy nahita olona, hafa tsy i Jesosy irery ihany. 9 Ary rehefa nidina avy tao an-tendrombohitra izy, dia nandrara azy Jesosy ka nanao hoe : « Aza milaza amin'olona ny fahitana, mandra-pitsangan'ny Zanak'olona amin'ny maty ». 10 Ary ny mpianany nanontany Azy ka nanao hoe : « Nahoana àry no ilazan'ny mpanora-dalàna fa i Elia tsy maintsy ho avy aloha » ? 11 Ary i Jesosy namaly ka nanao hoe : « I Elia dia avy ihany ka hampody ny zavatra rehetra. 12 Nefa lazaiko aminareo : 'Efa tonga sahady Elia; nefa ny olona tsy nahafantatra azy, fa nanao izay sitraky ny fony taminy. Dia tahaka izany koa no hampiaretan'ny Zanak'olona'. 13 Dia fantatry ny mpianatra fa i Jaona Mpanao-batista no nolazainy taminy.

*1 Six jours après, Jésus prit avec lui Pierre, Jacques et son frère Jean, et Il les conduisit à l'écart sur une haute montagne. 2 Il fut transfiguré devant eux : son Visage resplendit comme le soleil et ses vêtements devinrent blancs comme la lumière. 3 Et voici que Moïse et Elie leur apparurent : ils s'entretenaient avec Lui. 4 Pierre prit la parole et dit à Jésus : « Seigneur, il est bon que nous soyons ici. Si tu le veux, faisons ici trois abris: un pour toi, un pour Moïse et un pour Elie ». 5 Comme il parlait encore, une nuée lumineuse les couvrit. De la nuée une voix fit entendre ces paroles : « Celui-ci est mon Fils bien-aimé, qui a toute mon approbation : écoutez-le » ! 6 Lorsqu'ils entendirent cette voix, les disciples tombèrent le visage contre terre et furent saisis d'une grande frayeur. 7 Mais Jésus s'approcha d'eux, les toucha et dit : « Levez-vous, n'ayez pas peur » ! 8 Ils levèrent les yeux et ne virent plus que Jésus seul. 9 Comme ils descendaient de la montagne, Jésus leur donna cet ordre : « Ne parlez à personne de ce que vous avez*

vu jusqu'à ce que le Fils de l'homme soit ressuscité ». **10** Les disciples lui posèrent cette question : « Pourquoi donc les spécialistes de la loi disent-ils qu'Elie doit venir d'abord » ? **11** Jésus leur répondit : « Il est vrai qu'Elie doit venir [d'abord] et rétablir toutes choses, **12** mais Je vous le dis : 'Elie est déjà venu, ils ne l'ont pas reconnu et ils l'ont traité comme ils ont voulu. De même le Fils de l'homme souffrira de leur part' ». **13** Les disciples comprirent alors qu'il leur parlait de Jean-Baptiste.

## **Fanamarihana 2 – Commentaires 2 : Ny niovan'i Jesosy tarehy teo an-tendrombohitra – La Transfiguration de Jésus**

### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ireo sahirana mba hitodika amin'Andriamanitra izy mba hiovan'ny toe-piainany ka ho afahan'ny Tompo amin'ny fahasahiranany izy - *pour ceux qui sont dans des difficultés pour qu'ils se tournent vers Dieu afin de voir le changement dans leur vie quand le Seigneur les affranchira de ce qui leur pèse*
- ho an'ny kristiana mba hiova amin'ny fanavaozana ny saina izy ka hamantatra sy hankatoa ny Sitrapon'Andriamanitra ary hanaiky ny Famonjena efa vitan'i Jesosy Kristy ho azy teo amin'ny Hazo-Fijaliana – *pour les chrétiens afin qu'ils soient transformés par le renouvellement de leur esprit afin de discerner et de mettre en pratique la Volonté de Dieu qui est qu'ils acceptent le Salut opéré par Jésus-Christ pour eux sur la Croix.*

### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 164, 2 : I Jesosy irery ihany :**

2. I Jesosy irery ihany no ivavahana,  
Ny Anarany irery no Fanavotana.  
Ny olona rehetra no handohalika  
Ety an-tany ka hatrany an-danitra.

## **FIZARANA 3 – PARTIE 3**

### **Teksta 3 – Texte 3 : Mat. 17, 14-23 :**

14 Ary rehefa tonga teo amin'ny vahoaka izy ireo, nisy lehilahy anankiray nanatona an'i Jesosy, dia nandohalika teo anatrehan'ny ka nanao hoe : 15 « Tompoko, mamindrà fo amin'ny zanako-lahy fa mararin'ny androbe izy ka mahantra tokoa. Fa matetika izy no mianjera ao amin'ny afo, ary matetika ao amin'ny rano. 16 Ary nitondra azy tamin'ny mpianatrao aho, fa tsy nahay nahasitrana azy izy. 17 Ary i Jesosy namaly ka nanao hoe : « Ry taranaka tsy mino sady efa nivadika, mandra-pahoviana no hitoerako aminareo ? Ento aty amiko izy ». 18 Ary niteny mafy azy i Jesosy, dia nivoaka taminy ny demonia, ka sitrana ilay zazalahy tamin'izay ora izay. 19 Dia nankao amin'i Jesosy mangingina ny mpianatra ka nanao hoe : « Nahoana izahay no tsy nahavoaka azy » ? 20 Ary hoy i Jesosy taminy : « Noho ny fahakelezan'ny finoanareo ihany. Fa lazaiko aminareo marina tokoa : 'Raha manana finoana hoatra ny voan-tsinapy iray aza ianareo ka hiteny amin'io

tendrombohitra io hoe : Mifindra eryl, dia hifindra izy, ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao. 21 Kanefa iny karazany iny tsy mivoaka raha tsy avoaka amin'ny fivavahana sy ny fifadian-kanina' ». 22 Ary raha nitoetra tany Galilia izy, i Jesosy dia nilaza tamin'ny mpianany hoe : « Ny Zanak'olona efa hatolotra ho eo an-tanan'ny olona 23 ka hovoony, nefa amin'ny andro fahatelo dia hatsangana indray izy ». Ary dia nalahelo indrindra ireo.

*14 Lorsqu'ils furent arrivés près de la foule, un homme vint se jeter à genoux devant Jésus et dit : 15 « Seigneur, aie pitié de mon fils qui est épileptique et qui souffre cruellement : il tombe souvent dans le feu ou dans l'eau. 16 Je l'ai amené à tes disciples et ils n'ont pas pu le guérir ». 17 « Génération incrédule et perverse, répondit Jésus, jusqu'à quand serai-je avec vous ? Jusqu'à quand devrai-je vous supporter ? Amenez-le-moi ici ». 18 Jésus menaça le démon, qui sortit de l'enfant, et celui-ci fut guéri à partir de ce moment-là. 19 Alors les disciples s'approchèrent de Jésus et lui dirent en privé : « Pourquoi n'avons-nous pas pu chasser ce démon » ? 20 « C'est parce que vous manquez de foi, leur dit Jésus. Je vous le dis en vérité, si vous aviez de la foi comme un grain de moutarde, vous diriez à cette montagne : 'Déplace-toi d'ici jusque-là', et elle se déplacerait : rien ne vous serait impossible. 21 [Cependant, cette sorte de démon ne sort que par la prière et par le jeûne] ». 22 Pendant qu'ils parcouraient la Galilée, Jésus leur dit : « Le Fils de l'homme doit être livré entre les mains des hommes : 23 ils le feront mourir et le troisième jour il ressuscitera ». Ils furent profondément attristés.*

### **Fanamarihana 3 – Commentaires 3 : Ny fahefan'ny finoana ny Famonjena entin'i Jesosy Kristy – Le pouvoir de la foi au Salut apporté par Jésus-Christ**

#### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny tenantsika mba hanaikentsika tanteraka amin'izay ny Famonjen'i Jesosy Kristy ka hialantsika amin'ny fitadiavan-tombon-tsoa ara-materialy na eo amin'ny fiaraha-monina amin'ny fiainantsika ny finoana – *pour nous pour que, désormais, nous acceptons totalement le Salut de Jésus-Christ et que nous arrêtons de chercher nos avantages personnels ou sociaux dans notre vie de foi*
- ho an'ireo mpitandrina mba– *pour les pasteurs pour que :*
  - tsy hanadinoany ny Herin'ny Famonjen'i Jesosy Kristy ka hifaharany amin'izany – *ils ne perdent pas de vue le Salut de Jésus-Christ et u'ils s'y accrochent*
  - hitarihan'ny Fanahy Masina azy amin'ny fitandremany ny ondrin'Andriamanitra amin-kery nefa amin'ny fanetren-tena, fa indrindra amin'ny finoana – *le Saint-Esprit le guide dans le service des brebis de Dieu dans la Puissance et l'humilité, mais surtout par la foi.*

#### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 426, 1-2 : Nanatona Anao, Mpanavotra ô :**

1. Nanatona Anao, Mpanavotra ô, ny olo-mahantra fahiny.  
Ny rofiny be, ny senton'ny fo, naneho fa soa no niriany.  
Tsy nety ho sasatra lanao, tsy nisy nolavina akory,  
Fa samy nandray ny indrafonao ka ravo ny olona ory.

2. Manatona Anao, ry be indrafo, ny olo-mahantra anio,  
Fa be siasia sy reraka am-po ka raisonao ankehitrio !  
Ny maty omeo aina vaovao, ny sasatra ampiadano,  
Ny masonay jamba mba hazavao. ny rofin'ny fonay sitrano.

#### FIZARANA 4 – PARTIE 4

#### Teksta 3 – Texte 3 : Mat. 17, 24-27 :

24 Ary nony tonga tao Kapernaomy izy, dia nankeo amin'i Petera ny mpandray ny antsasaky ny sekely ka nanao hoe : « Moa ny Mpampianatra anareo tsy mba mandoa ny antsasaky ny sekely va » ? 25 Dia hoy i Petera : « Mandoa ihany Izy ». Ary raha vao tafiditra tao an-trano i Petera, dia nosakanan'i Jesosy teny izy ka nataony hoe : « Ahoana no hevitrao, ry Simona : avy amin'iza moa no andraisan'ny mpanjaka ety antany fadin-tseranana sy vola hetra : avy amin'ny zanany va sa avy amin'ny olon-kafa ? 26 Ary nony hoy i Petera taminy : « Avy amin'ny olon-kafa », dia hoy kosa i Jesosy : « Dia afaka ary ny zanaka. 27 Nefa andrao isika manafintohina azy, dia mankanesa ao amin'ny ranomasina ianao, ka manjonoa, ary raiso izay hazandrano azo voalohany. Ka rehefa sokafanao ny vavany, dia hahita vola sekely eo ianao, dia raiso izany, ka omeo azy ho avy Amiko sy ianao ».

*24 Lorsqu'ils arrivèrent à Capernaüm, ceux qui percevaient l'impôt annuel de demi-sicle s'approchèrent de Pierre et lui dirent : « Votre Maître ne paie-t-Il pas l'impôt annuel » ? 25 « Si », dit-il. Quand il fut entré dans la maison, Jésus prit les devants et dit : « Qu'en penses-tu, Simon : les rois de la terre, de qui perçoivent-ils des taxes ou des impôts : de leurs fils ou des étrangers » ? 26 Il lui dit : « Des étrangers ». Jésus lui répondit : « Les fils en sont donc exemptés. 27 Cependant, pour ne pas les choquer, va au lac, jette l'hameçon et tire le premier poisson qui viendra. Ouvre-lui la bouche et tu trouveras de l'argent : prends-le et donne-le-leur pour Moi et pour toi ».*

#### Fanamarihana 4 – Commentaires 4

##### Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika mba hanaiky ny fahefan'Andriamanitra izy ka hiaina ny fitondrany ny vahoaka amin'ny fatahorana ny Tompo Andriamanitra – *pour nos dirigeants pour qu'ils acceptent le pouvoir de Dieu afin d'administrer le peuple dans la crainte du Seigneur Dieu*
- vavaka malalaka amin'izay mbola tiantsika ho entina am-bavaka – *prière libre afin de porter devant le Seigneur tout sujet de prière que nous voudrions Lui présenter*

##### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

##### Hira (Chant) 52, 1 : Efa akaiky i Jeso Tompo :

1. Efa akaiky i Jeso Tompo ilay Mpamonjinao,  
Indro, tamy Kristy Tompo, avy ho anao.

Fiverenana :

*Dia tano mafy tsara izay anananao :  
Lova soa, tsara fara, indro, ho anao.*

## FANDRAVONANA – CONCLUSION :

### Teksta – Texte : Rom. 12, 1-2 :

1 Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny Famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. 2 Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny Sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.

*1 Je vous encourage donc, frères et soeurs, par les compassions de Dieu, à offrir votre corps comme un sacrifice vivant, saint, agréable à Dieu. Ce sera de votre part un culte raisonnable. 2 Ne vous conformez pas au monde actuel, mais soyez transformés par le renouvellement de l'intelligence afin de discerner quelle est la volonté de Dieu, ce qui est bon, agréable et parfait.*

### Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,  
Que ton Nom soit sanctifié,  
Que ton Règne vienne,  
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.  
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.  
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.  
Et ne nous soumets pas à la tentation mais délivre-nous de mal.  
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

### Hira (Chant) 340 : Tompo ô, mba hasoavy :

Tompo ô, mba hasoavy sy arovy izahay.  
Tompo ô, mba aposahy aminay ny Tavanao.  
Tompo, mitodiha anay dia hiadana izahay.  
Ray sy Zanaka, Fanahy, mitahia anay. Amen !

**Tso-drano – Bénédiction :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !*

**Fanirahana - Envoi :**

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

*Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !*

**Fiangonana (Assemblée) :** Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**